



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2022**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-203

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA FANINDROANY MIKASIKI
NY TOLO-DALÀNA LAHARANA FAHA-003-2019/PL "RELATIVE A LA PRODUCTION ET A LA
COMMERCIALISATION DU TOAKA GASY", NATAON'Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA
Jean Brunelle, FILOHA LEFITRY NY ANTENIMIERAMPIRENENA**

Fivoriana Faha-14
Natao ny
Alakamisy 16 Jona 2022
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

MPITANTSORATRA: Andriamatoa RABENIRINA Maminaina Solondraibe

FOTOANA: Alakamisy 16 Jona 2022, tamin'ny 3 ory sy 45 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinhana sy fandraisana fanapahan-kevitra fanindroany mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-003-2019/PL "relative à la production et à la commercialisation du toaka gasy", nataon'Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena.

Nitohy ny Alakamisy 16 Jona 2022, tamin'ny 3 ory sy 45 minitra, tolak'andro, ny fivoran'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena avy amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RABENIRINA Maminaina Solondraibe, Kestora Fahatelo eto amin'ny Antenimierampirenena.

Rehefa avy nisaotra ny Mpitantsoratra, tamin'ny fiantsoana anarana nataony Andriamatoa Mpitarika fivoriana, nampahatsiahy fa ny fandaharam-potoana androany dia fandinhana sy fandraisana fanapahan-kevitra fanindroany mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-003-2019/PL "relative à la production et à la commercialisation du toaka gasy".

Taorian'izay, niangavany ny Mpampakatenin'ny Vaomiera, mba hamaky ny tatitra momba izany.

Nanatontosa izany, Andriamatoa RAKOTONIRINA Jimmy Joe, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Talata 14 Jona 2022, tamin'ny 9 ora, maraina, ny Vaomieran'ny Varotra sy ny Fanjifana, ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka ary ny Vaomiera momba ny Lalàna, nandinika fanindroany ny Tolo-dalàna laharana faha-003-2012/PL «relative à la production et à la commercialisation du toaka gasy», nataon'Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena.

Ramatoa MICHELLE Bavy Angelica, mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Varotra sy ny Fanjifana no Filoha nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Varotra sy ny Fanjifana tonga nanatrika ny fivoriana.

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1-MICHELLE Bavy Angelica

2-MAMIHAJA Charlot

Ireo mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka tonga nivory,

Andriamatoa isany:

1-RAJAobelina Lova Herizo

2-RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol

3-RAZAKANDRAINY Henri Dominique

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny Vaomiera momba ny Lalàna tonga nivory,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1-IDEALSON

2-RAHERIARIJAONA Régina Clémence

3-JOHASY RAHARISOA Eléonore

4-PEPIN Michou

Ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera, fa nanatrika ny fivoriana,

Andriamatoa isany:

1-RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

2-RALAMBOMANANA Fenoherintsoa

3-RAVONTY Tam-Téon Luc

4-RABEKIJANA Solofo Hery

5-RALAMBOZAFIMBOLOLONA RAZAFITSIMIALONA Fetra

Ireo teknisiana nisolotena ny Governemanta tonga nanatrika ny fivoriana,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1-Gaetan RAMINDO	DGI/MICC
------------------	----------

2-Faraniaina RAHARILALA	DGI/MICC
-------------------------	----------

3-RAKOTONIRINA Vololoniaina	Chef SLI/DER/MINJUS
-----------------------------	---------------------

4-RAKOTONIRINA AndriamalalaJean C.	MAGISTRAT DRL/MINJUS
------------------------------------	----------------------

5-ANDRIANJAKA Razafinarivo	Directeur ACS QDA
----------------------------	-------------------

6-RABENOROHANTA Aina	DAJ/MINSANP
----------------------	-------------

7-RAVELOJOELIANDRIAMBEOLARITAFIKA	DIRECTEUR OFNALAT
-----------------------------------	-------------------

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia nanambara fa fandinhana fanindroany ny Tolo-dalàna laharana faha-003-2019/PL no antony ivorian'ny Vaomiera rehefa avy nolavin'ny Antenimierandoholona tao amin'ny fivoriambe ny 16 Jona 2021 ary tsy nisy antony manokana izany.

Taorian'izay dia nomeny fitenenana avy hatrany ny Solombavambahoaka mpanolotra ny Tolo-dalàna.

Nolazain'ity farany, fa araka ny voalazan'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena ao amin'ny andininy faha-138 dia: «Tsy mampiato ny fomba arahina nofaritan'ny andininy faha-96 ao amin'ny Lalàmpanorenana ny fitsipahana ny rijan-teny iray manontolo mandritra

ny fandinhana mifandimby eo amin'ireo Antenimiera roa. Raha misy ny fitsipahan'ny Antenimierandomoholona ny rian-teny manontolo, ny Antenimierampirenena, amin'ny famakiana ataony manaraka dia manapaka mikasika ny rian-teny izay nolaniana teo aloha ary nampitain'ny Governemanta taminy taorian'ny fanapahan-kevitra fitsipahana nataon'ny Antenimierandomoholona». Izany hoe, tokony hiroso amin'ny fandinhana ny rian-teny ny Antenimierampirenena. Raha mbola lavin'ny eny anivon'ny Antenimierandomoholona indray izany dia miroso amin'ny fananganana Vaomiera Ikambanana Isasahana ny Antenimiera roa tonta (Commission Mixte Paritaire) entina handrafetana rian-teny vaovao iombonana.

Nandritra ny fifanakalozan-kevitra izay nataon'ny mpivory no nilazan'izy ireo, fa famoronana asa ho an'ny tantsaha ny fankatoavana ny famokarana toaka gasy. Ny toaka gasy, amin'ny endriny mahagasy azy no hovokarina eto, satria izany no anisan'ny mampiavaka ny mahamalagasy. Tsy misaraka amin'ny fomba mahamalagasy ny toaka gasy satria na an-kafaliana na an-karatsiana dia eo foana izany.

Raha misy fanovàna tiana hatao amin'izany dia anjaran'ny Minisiteran'ny Indostria no manangana orinasa hanangonana ny vokatra toaka gasy avy amin'ny tantsaha mpamokatra, ka hamadika azy ho vokatra hafa (produits dérivés) mifanaraka amin'ny filàn'ny mponina. Noho izany antony rehetra izany dia nanapakevitra ny mpivory fa hirosoana ny fandinhana ny rian-teny momba ny toaka gasy.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Rehefa izany, notapahan'ny Vaomiera fa:

-Tazonina amin'ny endriny notapahan'ireo Solombavambahoaka teny anivon'ny fivoriambe ny Tolo-dalàna laharana faha-003-2019/PL «relative à la production et à la commercialisation du toaka gasy, présentée par Monsieur le Député RAZAFINTSIADRAOFA Jean Brunelle, Vice-Président de l'Assemblée nationale» ary hoentina eny anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 10 ora, maraina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

Taorian'izany, nisaotra an'Andriamatoa RAKOTONIRINA Jimmy Joe tamin'ny famakiany ny tatitra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary nanambara fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba izany ny mpivory.

Samy tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra na ny Solombavambahoaka na ny solotenan'ny Governemanta, ka avy hatrany dia nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiriso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Fisaorana ny Solombavambahoaka nanolotra ny Tolo-dalàna no nataon'Andriamatoa MAMIHAJA Charlot raha nomena fitenenana ny tenany. Nambarany fa ilaina ny toaka gasy eto amin'ny firenena satria fidiram-bolan'ny any ambanivohitra ny famokarana izany.

Nomarihany koa, fa raha mbola hampiofana ny tantsaha amin'ny asa vaovao ny fitondram-panjakana, mbola ho sarotra ny hanatanterahana an'io fanofanana io. Ny famokarana toaka

gasy anefa tsy mila an'izany, fa avy hatrany dia afaka miasa ary zavatra efa nolovaina hatramin'izay ny famokarana azy. Noho izany, izay mitsipaka ity Tolo-dalàna ity dia olona tsy mahalala ny fiainan'ny olona any ambanivohitra izay mba mila fivoarana ihany koa, toy ny fahabetsahan'ny fidiram-bola ahafahana manatsarana amin'ny zavatra ilaina andavan'andro.

Nanambara, Andriamatoa RABENIRINA Maminaina Solondraibe, fa 90%-n'ny Solombavambahoaka no efa nandany ity Tolo-dalàna ity teo aloha, ka tsy tokony hisy adihevitra intsony na hisy koa Solombavambahoaka hitsipaka izany.

Andriamatoa DINAH Romual kosa raha nandray fitenenana, nilaza fa ny toaka vahiny ihany no omena alalana azo amidy eto Madagasikara, fa maninona no tsy atao toy izany koa ny toaka gasy. Maro no milaza fa tsy voafaritra ny "degré"-n'ny toaka gasy, ka izay no antony tsy ankatoavana ny fivarotana azy. Rehefa misy anefa fankalazana ny fomba Malagasy, tsy miala eo ny toaka gasy na eo koa aza ny toaka vahiny.

Mampalahelo, hoy izy, ny zavatra mahazo ny tantsaha amin'ny fanenjehana azy ireo amin'ny fivarotana toaka gasy kanefa Malagasy tahaka azy ihany no manao sy mamokatra azy, fa tsy vahiny ary efa nolovaina tamin'ny razambe taloha ela tany ny fanaovana toaka gasy tetra amintsika. Raha dinihana, mampihena ny fahasahiranana mianjady amin'ny mpamokatra izany ny famelana malalaka ny fivarotana toaka gasy. Noho izany, tsy tokony ho sakanana ny fivarotana azy.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa MONG MANN Bismark, nilaza fa efa lany tetra amin'ny Antenimierampirenena ity Tolo-dalàna ity, ka Solombavambahoaka tsy mahalala ny fahasahiranana'ny olona mpamokatra izany izay mbola hitsipaka azy ity.

Nambarany koa fa tsy vokatra ny vary eto amintsika noho ny fiovaovan'ny toetra'andro, hany ka lasa mamboly fary ny tantsaha hanaovana toaka gasy mba ho fidiram-bolany. Noho izany, tokony homena alalana malalaka izy ireo hivarotra toaka gasy izay namboariny.

Taorian'izay, nambarany fa raha lany ity Tolo-dalàna ity, tokony hisy rafitra harahina mikasika ny famokarana toaka gasy amin'izay milamina ny mpamokatra sy ny mpanjifa azy.

Nambaran'Andriamatoa RAKOTORAHALAHY Modeste, fa tsy holavina ity Tolo-dalàna ity rehefa nandray fitenenana izy. Nomarihany koa fa ny fary dia azo anaovana toaka vazaha, fa tsy voatery ho toaka gasy foana no vokatra azo avy aminy.

Nanentana ny Solombavambahoaka ny tenany mba handany ny Tolo-dalàna, izay no namaranany ny teniny.

Nilaza kosa Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré, fa ny sigara izay vita vazaha no tena mamono ny tanora ankehitriny rehefa nandray fitenenana. Eo anatrehan'izay, tokony hojerena manokana ny vokatra vita gasy satria mampidi-bola ho an'ny tantsaha izany saingy ny fepetra sy ny fitsipika arahina no atao mazava tsara. Noho izany, mankasitraka ity Tolo-dalàna ity aho, hoy izy, sady nanentana ny Solombavambahoaka namany mba handany izany satria tombotsoa ho an'ny Malagasy ny fahalaniany.

Andriamatoa SATRA Augustin kosa raha nomena fitenenana, nanambara fa ahafahan'ny tantsaha mampitombo ny fari-piainany ny fahalanian'ity Tolo-dalàna ity, ka aleo laniana avy hatrany.

Ny maro an'isa no efa nandany ity Tolo-dalàna ity teny amin'ny CCI-Ivato hoy Andriamatoa EDIZARD, raha nandray fitenenana, ka tokony tsy hisy intsony ny hitsipaka azy.

Nisaotra an'Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle ihany koa ny tenany tamin'ny fanolorana ity Tolo-dalàna ity satria ny vola azon'ny tantsaha amin'ny toaka gasy no ampianarany ny zanany mba hitoviany amin'ny zanak'olona hafa. Manerana an'i Madagasikara no ahitana fanamboarana toaka gasy, koa inona no antony anakanana ny fivarotana azy.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson kosa nanambara, fa hampitombo ny harin-karenan'ny Malagasy ny fandaniana ity Tolo-dalàna ity, ka tokony hankasitrahany Solombavambahoaka rehetra ny hankatoavana azy.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery, nilaza fa rehefa lany tetra amin'ny Antenimierampirenena ny Tolo-dalàna tamin'ny "1^{ère} lecture", tokony ho lany koa izany amin'ny "2^{ème} lecture" kanefa misy sahy mifidy ny tsy handany indray. Raha tahak'izany no toe-draharaha misy, mihemotra isika Malagasy. Aleo atao ny fandaniana satria efa lany tetra taloha ity Tolo-dalàna ity.

Fanentanana ny Solombavambahoaka rehetra nanatrika ny fivoriana mba handany ny Tolo-dalàna kosa no nataon'Andriamatoa PEPIN Michou raha nomena fitenenana.

Nanontany Andriamatoa RAKOTONIRINA Jimmy Joe, raha nandray fitenenana, fa aiza no tsy hita ny teknisiana voakasik'izao raharaha izao rehefa ny vokatra Malagasy no arovana. Nomarihany fa lasa hasarotina ny dingana lalovana rehefa zavatra vita Malagasy no resahana. Teo anatrehan'izay, nitaona ny Solombavambahoaka izay mbola misalasala ny tenany mba handany ny Tolo-dalàna satria zava-bitan'ny Malagasy no harovana.

Manampy ny fidiram-bola eny ifotony sy ho an'ny fanjakana ny fahalanian'ity Tolo-dalàna ity hoy, Andriamatoa RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimialona, raha nandray fitenenana, ka tokony holaniana. Nambarany koa fa betsaka ny zacvatra ilana ny toaka gasy, toy ny alikaola sy ny hafa ka ny orinasa ahafahana manodina ny vokatra no tokony hojerena ny hantsarana azy.

Fanentanana ny Solombavambahoaka mba handany ny Tolo-dalàna no namaranany ny teniny.

Taorian'izay, Andriamatoa RABENIRINA Maminaina Solondraibe indray no nitarika ny fivoriana ary nomeny fitenenana Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, tompon'ny Tolo-dalàna raha manan-kolazaina mikasika izay voalaza teo.

Rahazo atao hoy an'Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, aorian'ny fandaniana ny Tolo-dalàna ny tenany vao handray ny fitenenana.

Nambaran'Andriamatoa RABENIRINA Maminaina Solondraibe, fa hiroso amin'ny fandrasiana fanapahan-kevitra ny mpivory, ka andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 27 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa RABENIRINA Maminaina Solondraibe, fa lany ny Tolo-dalàna laharana faha-003-2019/PL "relative à la production et à la commercialisation du toaka

gasy", nataon'Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena.

Nomena fitenenana ny mpanolotra ny Tolo-dalàna taorian'izay.

Fisaorana ny Solombavambahoaka no natolotr'Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle tamin'ny fahalanian'ny Tolo-dalàna nataony rehefa nandray fitenenana izy.

Nambarany fa ny toaka gasy dia efa nisy tany aloha ary mitohy hatramin'izao ny famokarana azy. Nomarihany, fa ampiasana toaka gasy daholo amin'ny fombantsika Malagasy na an-kafaliana izany na an-karatsiana.

Miteraka fahasahiranana ho an'ny firenena ny fanenjehana sy ny tsy fanomezana fahazoan-dalana malalaka amin'ny fivarotana ny toaka gasy, ka ny fanalalahana sy ny fanomezana izany no tokony hataon'ny mpitondra.

Afaka mamorona asa ho an'ny olona maro ny famokarana toaka gasy ary tsapa koa fa mampiakatra ny fari-piaianana sy ny harin-karenan'ny Malagasy ny fivarotana azy.

Fandresen-dahatra ny Antenimierandoholona mba handany ny Tolo-dalàna nataony no hafatra nampitainy satria maro ny zavatra ilana ny toaka gasy eto amintsika; ohatra, azo ahodina ho lasa alikaola hampiasaina amin'ny resaka fahasalamana izy, azo ampiasaina amin-javatra hafa ihany koa fa tsy mijanona ho toaka gasy fotsiny.

Fisaorana ny Solombavambahoaka tamin'ny fanohanana ny tenany ary ny fanampiana amin'ny ezaka hampandrosoana ny mpiray tanindrazana ihany koa no nataony.

Nangataka ny hanohanan'ny Solombavambahoaka azy sy ny mpiara-dia aminy hanatrika ny asam-baomiera hatao eny amin'ny Antenimierandoholona amin'ny Talata 21 Jona 2022, amin'ny 9 ora, maraina, ny tenany ary izay afaka hanatrika ny fivoriambe hatao ny Alarobia 29 Jona 2022, amin'ny 9 ora maraina, kosa mba samy haneho firaisan-kina sy fanohanana ho azy ireo ihany koa.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nisaotra an'Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle tamin'ny fanehoan-kevitra narosony, Andriamatoa RABENIRINA Maminaina Solondraibe, Mpitarika fivoriana ary nampahatsiahny fandaharam-potoana manaraka izay fivorian'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra, hatao ny Alatsinainy 20 Jona 2022 amin'ny 10 ora, maraina, ao amin'ny "Salle BP".

Niato tamin'ny 4 ora sy 55 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Mpitarika ny fivoriana.

